



FANAMBARANA

Mety ny fiverenana amin'ny fihibohana ho an'Analamanga sy ny fampiatoana ny fampianarana fa tsy ampy ahafahana tena miatrika ny ady amin'ny COVID-19 !

Ny Firaisamonimpirenena izay mivondrona ao amin'ny hetsika ROHY dia mpisehatra amin'ny fampandrosoana sy ny maha-olona, ka miasa amin'ny lafiny maro ary isan'izany ny fahasalamam-bahoaka. Miasa eny anivon'ny fiarahamonina izy ireny amin'ny andavanandrony, mandavantaona ka miara-miaina sy mahita ny zavamisy. Mamerina hatrany fa isan'ny andraikiny ny manolo-tànana, mitondra sosonkevitra na koa manao tsikera amin'ny fomba hitantanana ny firenena indrindra mandritra izao fotoan-tsarotra lalovana izao.

Ny ROHY dia tsy mitsahatra mitaky ny hananganana Vovonana na sehatra ahafahan'ny mpiaramiombon'antoka rehetra mandray anjara amin'ny tolokevitra sy ny paikady entina miatrika ity valanaretina ity sy ny fiainam-pirenena amin'ny ankapobeny. Satria mbola tsy misy io sehatra io dia ezahanay ampitaina amin'ny alalan'ny fanambarana ampahibemaso ny sosonkevitra ary ny Tomponandraikitra isan-tsokajiny indrindra ny Filoham-pirenena sy ny Praiministra ary ny Governemanta izay tompon'ny fanatanterahana dia iangaviana mba hahay hihaino sy handray ka hampihatra ny mahasoa ho an'ny firenena.

1. **Ny ROHY dia maneho etoana ny fankasitrahany manoloana ireo fanapahankevitra lehibe noraisina ny 04 Jolay 2020** indrindra ny famerenana ny fihibohana ary ny fampiatoana ny fampianarana ho an'ny Faritra Analamanga.

Heverinay fa tsy ampy anefa ireo fepetra ireo ary tsy hahomby sy tsy hisy vokany amin'ny ady amin'ity valanaretina COVID-19 ity raha tsy tanterahina ireto fepetra manaraka ireto :

Momba ny fepetra ara-pahasalamana manokana :

2. Averina indray fa krizy sy hamehana ara-pahasalamana no atrehantsika ka **omeo sehatra amin'izay ny Manampahaizana amin'ny fahasalamana indrindra ireo mpikaroka/mpitsabo matihanina sy tena zadrarahana amin'ny ady amin'ny valanaretina (Epidemiolozista)** sy ny fandraisana antànana ny fitsaboana eny anivon'ny hopitaly. Ireo fitarihana/mpitarika ara-politika indrindra ny eo amin'ny Fitondrana dia tokony mijery ny paikady ahafahana manamora sy mampihatra ny vahaolana arosan'ireo Matihanina amin'ny fahasalamana fa tsy misalovana ny andraikiny velively.
3. Efa isan'ny sosonkevitra nataonay tao amin'ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana nasiampanitsiana 2020 fa tokony **atao laharampahamehana amin'ny fandaniana ny resaka fahasalamana** indrindra a) ny fampitaovana (fiarovana manokana isan'olona/EPI) sy ny fanomezana tosika ny mpiasan'ny fahasalamana miatrika ny valanaretina fa tsy atao toy ny miaramila hiady tsy mitondra basy, b) ny fandraisana an-tanana ny fitsaboana ny marary, d) ny fanaovana ny fitiliana maro/faobe sy haingana. Tsy tokony hadinoina koa ny fitsinjovana ny olona marefo sy ny sahirana ho entiny miatrika ny hamehana. **Rehefa mbola tsy ampy ny vola ampiasaina amin'ireo laharampahamehana ireo dia ajanona ary ahemotra avokoa ireo fandaniana hafa tsy misy ifandraisany mivantana amin'izany indrindra ireo vola laniana sy atokana hanaovana fotodrafitrasa sy ny indostria na efa tapaka mialoha na vao eritreretina atao amin'ny manaraka** ary na amin'ny sehatra inona na amin'ny sehatra inona. Heverinay fa afaka miandry ireny fa vonjeo aloha ny ain'ny malagasy satria rehefa mbola misy fofonaina dia afaka mihoitra foana aoriana na ho sarotsarotra kokoa aza ny fanamby miandry antsika.
4. Tsy fandraisana andraikitra ary tsy rariny ny famelana hiady irery ny olona efa sahirana sy efa anaty aretina noho izany **atsahatra ny fanapahan-kevitra mandrisika ny olona hitsabo ny tenany any an-trano ary akarina haingana ny fahafahana mandray sy mitsabo marary amin'ny toeram-pitsaboana voatokana misy mpitsabo matihanina.** Ireto misy sosonkevitra voalahatra araka ny atao mialoha : a) Akarina ho toy ny hopitaly mihitsy aloha ny fandraisana marary eo amin'ny Village Voara ka asiana fandriana, ny fitaovana fanampiana fisefoana, ny kojakoja sy ny mpitsabo rehetra ary ny mpiasan'ny fahasalamana sahaza izany; b) Ampiasaina sy ampitaovina ireo Fikambanana efa zatra miatrika loza sy krizy (manana ireo toeram-pitsaboana vonjitaitra sy fandraisana traboina) toy

ny BNGRC sy ny Fikambanana toy ny Croix Rouge , ny SAF/FJKM, SALFA, CRS, sns mba ahafahany mampihatra haingana ny traikefany amin'izao fahamehana izao. d) Ampitaovina sy omena fiofanana avy hatrany ireo tobim-pitsaboana ifotony (CSB) eny anivon'ny Kaominina sy ny Toeram-pitsaboana tsy miankina indrindra ny manodidina an'Antananarivo sy ireo Tanàn-dehibe efa voadona mafy ary e) toy ny efa atao ao Toamasina dia ampiasaina ireo trano/toerana malalaka ananan'ny Fanjakana ka na kianja mitafo, na toeram-pandraisana/toeram-piofanana an'ny Ministera isankarazany (fahasalamana, tanora, fambolena, fiarovana, sns) na an'ny Rafim-panjakana (CNAPS, sns), na any amin'ny toby miaramila dia omanina ho fandraisana sy fitsaboana marary ary f) Entanina sy omena tambiny ireo toeram-pandraisam-bahiny tsy miankina hanampy amin'ny fanomezana fandriana, sns raha sanatriavina ka mbola tsy vita amin'ireo voalaza ireo. Tokony vonona foana ny Fanjakana amin'ny fandraisana ny marary mila fitsaboana fa tsy afaka mialangalana amin'ny famporisihina ny olona hitsabo tena any an-tranony nefa mihoatra ny 90%ny mponina anaty fahantrana sy sahirana.

Momba ny fepetra amin'ny fitantanana sy ny enti-manana :

5. **Apetraka ny mangarahara tanteraka amin'ny fitantanana ny raharaha.** Efa tsara ny fampahalalam-baovao momba ny fitiliana sy ny fitsaboana ary andrasana mafy ny fanaovana tatitra mangarahara tsy akiato ny fampiasam-bola sy ny fitantanana ny fampitaovana ary ny fanampiana/fandraisana an-tanana ireo marefo (Protection sociale) araka ny efa nambaran'ny Fitondrana.
6. **Eo amin'izay indrindra dia tokony omena fahefana sy fahafaha-miasa manokana ireo rafitra mpanara-maso toy ny Cour des Comptes, BIANCO, Inspection d'Etat sy ny Firaisamonimpirenena** mba hanara-maso ny fanatanterahana ny asa ka hipaika any amin'ny tokony ampiasana azy tokoa ny enti-manana ary hahazo anjara ireo rafitra/olona tokony hisitraka ny fanohanana.
7. **Raisina sy jerena akaiky ny hanatanterahana ny sosonkevitra atolotry ny Sehatra tsy miankina mba tsy hamonoana sy hahamaro ny very asa ary koa hanarenana ny toekarena.** Raha misy ihany no enti-manana manangan-javatra sy hamoronana asa vaovao, maninona raha avotana tsy ho faty ary aza avela ho very asa aloha ny efa misy. Tokony jerena manokana amin'izany ny sehatra mahakasika asa maro toy ny fizahantany, ny fitaterana, ny fambolena/fiompiana ary ny indostria mampiasa olona maro.
8. Mbola tsy ho ampy ny enti-manana na efa misy aza ireo fanampiana azo ary hamafisina ny fepetra hanatsarana sy hampangarahara ny fitantanana. **Noho izany mba ho firaisankina ary hanamaivanana ny fiankinan-doha tafahoatra amin'ny any ivelany dia ingaina ny hambompom-pirenena ka apetraka ny rafitra (kaonty tokana) ahafahana manolotra an-tsitrapo fandraisana anjara amin'ny vonjiaina.** Atao mangarahara ary misy rafitra ifarimbonana iarahan'ny Fanjakana, ny Firaisamonimpirenena, ny Sehatra tsy miankina mitantana ka ny fampiasam-bola dia atokana fotsiny ary manontolo ho fanampiana ny fampitaovana ho an'ny mpitsabo sy ny fampandehan-draharaha ho an'ny fitsaboana. Efa fomba fiasa raiki-tapisaka eo amin'ny malagasy izany na eo anivon'ny fianakaviana, na fiaraha-monina eny ifotony na ny fiangonana ary tokony ampiakarina sy apetraka eo anvion'ny firenena. Ny mpitondra sy ny manampahefana ambony no iangaviana hitarika sy handray anjara voalohany ka hanome ny 1/3 ampahatelon'ny vola miditra aminy 1 volana ireo Manampahefana Direktera Jeneraly no miakatra ho ainga.
9. **Atao mazava tsara ary averimberina matetika ny serasera sy ny toromarika ho an'ny vahoaka. Asiana «sehatra ahafahan'ny olompirenena mametraka fanontaniana sy manome na mizara izay tranga hitany »** ary mifanakalo hevitra amin'ny tompon'andraikitra : Fandaharana amin'ny radios sy télés, page officielle FB na koa site spécial Covid.
10. **Ilaina hentitra ny fitondrana amin'ny fampiharana ny fepetra raisina, mila miara-misalahy ny rehetra** mba hahatontosa an'izany.

Atsipy ny teny eny am-pon'ny mahalala, arenina ny vilany mitongilana rehefa te-hahamasanahandro, ny itenenana mba tsy hananan-dratsy ary izay manoro lala-mahitsy mamindra aina ka dia tsy misorona izahay mandroso ireo sosonkevitra manan-danja ireo. Mbola vonona foana ny haneho sy hifanakalo hevitra izay mahatsara ny firenena sy ny vahoaka ary amin'ny fomba sy sehatra rehetra ahafahana mandray anjara. **Ny “aina fitahy fa ny herim-po fanary” hoy ny malagasy ka manantena fa manana Mpitondra tompon'andraikitra mametraka ny aina ho ambony** araka ny soatoavina malagasy.